

Toriteny : Famonjena ny ankohonana

Vakiteny fototra : Genesisy 7 : 1

Mahalasa saina mihitsy fa liana ny amin'ny ankohonana Andriamanitra. Namorona olona iray Izy aloha dia hitany fa ny tena tsara indrindra dia tsy olona iray fotsiny fa olona roa mivady dia notsofiny rano mba hanan-janaka avy eo, dia nisy ny ankohonana.

Ary tsy vitany hoe liana tamin'ny famoronana ankohonana fotsiny Andriamanitratra fa seriny ihany koa izy ny amin'ny famonjena ny ankohonana. Jereo anie rehefa ho avy ny safodrano ka nampanao sambofiara an'i Noa Andriamanitra dia hoy Izy hoe : « **Midira ao anatin'ny sambofiara , ianao sy ny ankohonana !** » Gen 7 :1 . Dia mariho tsara eo fa i Noa irery ihany no hitan'Andriamanitra fa olona marina , kanefa ny ankohonany iray manontolo no nasainy nentina hiditra tao anaty sambofiara. Ny plan'Andriamanitra dia tsy ny hamonjy ny raim-pianakaviana irery ihany , fa ny reny ihany koa , ny zanaka ihany koa, ny vinanto ihany koa, eny , ny ankohonana iray manontolo mihitsy e!

Ry ray aman-dreny malala, fikasan'Andriamanitra mafy tokoa ny hamonjena ny ankohonana manontolo tsy ho tratran'ilay fandravana izao tontolo izao tsy ho ela intsony . Kanefa moa ve mba mampiady saina anao sy mahaseriny anao mafy koa izany ankehitriny ? Ny vadinao ve hovoavonjy sa ho very ? Ny zanakao, ny vinantonao, ny zafikelinao, ho voavonjy sa ho very ? Ry havana, Andriamanitra dia liana mafy ny hamonjena ny tokantranontsika iray manontolo.

Diniho koa ange izay nataon'Andriamanitra tamin'ny andron'ny Paska fahiny e ! « *Mitenena ianareo amin'ny fiangonana, dia ny israely rehetra, ka manaova hoe :Amin'nyandro fahafolo amin'ity volana ity dia aoka samy haka zanak'ondry iray avy izy rehetra, araka ny fianakaviany, dia zanak'ondry iray avy hoan'ny isan-trano...Ary hanalany ny rà dia hatentiny amin'ny tolam-baravarana roa sy amin'ny tataom-baravararan'ny trano izay hihinanany azy.* » Eks 12 :3,7. Nasain'Andriamanitra nitondra zanak'ondry ny zanak'Israely, mariho tsara, tsy hoe zanak'ondry isan'olona fa zanak'ondry isan-trano, izany hoe , isan'ankohonana. Ny zanak'ondry dia natao hoan'ny ankohonana iray manontolo, ary ny rà dia natentina teo amin'ny tolam-baravararan'ny isantokantrano. Ny zanak'ondry dia maneho an'i Jesosy izay famonjena hoan'iray trano mihitsy.

Noho izany ,aoka ho foanana hatreo ilay fomba fiteny hoe :« Samia mamonjy ny tenany ! » Tsy toetsain' Andriamanitra izany. Ataovy azo antoka fa eo amin'ny tolam-baravararan'ny tokantranonao ny ran ' Kristy ka mikiriza fatratra araka izay azonao atao , mba handraisan'ny tsirairay ao an-trano ny famonjen'i Kristy. Izay koa anie no mahatonga antsika rehefa mitory dia mitory isam-baravarana e ! Ho faingana ny asa , rehefa tsy ny isam-batan'olona ihany no kendrentsika fa ny tokantrano iray manontolo ,izay olona rehetra ao an-trano, satria izany no programan'Andriamanitra.

Ary eo amin'izay famonjena ny ao amin'ny ankohonana zay indrindra no mahatonga an' Andriamanitra manome ilay tari-dalana malaza momba ny fanabeazana ao amin'ny DEO 6 : 6- 9 . « **Ary aoka ho ao am-ponao izao teny andidiako anao anio izao. Dia ampianaro tsara ny zanakao izany ary resaho, na mipetraka ao an-tranonao ianao,**

na mandeha any an-dalana na mandry, na mifoha ; ary fehezo ho famantarana eo amin'ny tananao ireny, ary aoka ho fehy fampahatsiarovana eo ambonin'ny handrinao, ary soraty eo amin'ny tolam-baravararan'ny tranonao sy eo amin'ny vavahadinao. » Miteny amin'ny ray filoham-pianakaviana Andriamanitra, miteny amin'ny reny mpikolokolo sy mpanabe ny ankizy izy : 1- **Ampianaro tsara** ny zanakao izany . Ny inona ? Ny fitiavana an' Andriamanitra, ny fahatahorana an' Andriamanitra, ny fanompoana an' Andriamani tra , ny famonjen'i Kristy . Ilay hoe **ampianarina tsara** eto dia midika ho: tsy misy diso , tsy misy alatsaka, tsy atao zara fa vita fa hanokanana fotoana matotra, arahina ohatra hita maso . 2- **Resaho** : misy fifanakalozan-kevitra, fifampihainoana eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka.3- **Na mipetraka ao an-trano, na mandeha...**midika izany fa tohizana ny fanabeazana sy fampianarana fa tsy indray mandeha, fanabeazana amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra no ilaina.

Amin'izany fotoana rehetra izany dia MANAZATRA ny zanany amin'i zay tokony hataony ny ray aman-dreny , araka ny Ohab 22 : 6 . Ny hoe manazatra dia miaraka mandray anjara amin'ny ankizy ny ray aman-dreny ka manome ohatra tsara izy. Rehefa hitan'ny ankizy fa mivavaka ny ray aman-dreny dia mivavaka koa izy. Misy fiteny malazan'ny mpanabe manao hoe : « *Ny ankizy dia tsy mihaino izay teninao, fa mijery izay ataonao.* » Amin'ny fanabeazana dia tsy izay tenintsika no tena manan-kery fa izay ataontsika eo imason'ny zanatsika.

Farany , hiverenantsika ilay resaka tery aloha hoe ,liana amin'ny famonjena ny ankohonana Andriamanitra . Tadidinao ve ilay tantara malazan'i Zakaiosy ? Ilay lehilahy mpamory hetra . Naniry mafy ny hahita an 'i Jesosy izy ka niakatra teny ambonin'ny hazon'aviavy. Dia hoy Jesosy raha nahita azy : « *Midina fa tsy maintsy mitoetra ao an-tranonao Aho anio.* » Lioka 19 :5. Nahaliana an'i Jesosy ry havana ny hamangy ny tokantranon'i Zakaiosy. Rehefa tonga tany an-trano izy ireo , rehefa avy nanao fiaiken-keloka sy fibebahana ampahibemaso ilay mpamory hetra , dia hoy Jesosy : « **Anio no tonga eto amin'ity trano ity ny famonjena.** » Lioka 19 :9 . Ny famonjena dia tsy nataon'Andriamanitra hoan'i Zakaiosy irery ihany amin'ny maha raim-pianakaviana azy, fa nataony hoan'izay rehetra tao an-tranony ihany koa.

Antso :

Ry hava-malala , ekeo Jesosy handroso ao an-tokantranantsika. Fa ao amin'ny tokantrano misy an'i Jesosy dia hisy famonjena, hisy fitoniana sy filaminana. Izao tontolo izao dia mangetaheta fandriampahalemana. Ny firenentsika dia maniry ny hisian'ny fitoniana sy ny filaminana. Hoy ilay religiozy mpanao asa soa malaza atao hoe Mère Thérésa : « *Ny fandriampahalemana eto amin'izao tontolo izao dia manomboka ao an-tokantranonao.* » Amin'ny fomba ahoana hoy ianao ? Amin'ny fandraisanao an'i Jesosy hitoetra ao an-tokantranonao isan'andro.

Amin'ity anio ity , misy ve ray aman-dreny handray fanapahan-kevitra ka hanao ny tokantranony ho foibe fanabeazana ny ankohonany mba hahazoan'izy ireo ny famonjena ? Misy ve ? Aoka izy hitsangana . Misy koa ve ankizy sy tanora maniry fatratra mba hahatonga ny tokantranon'i Dada sy Neny ho toerana misy an'i Jesosy isan'andro ? Misy ve ? Aoka izy hitsangana**(Atao ny fitondrana am-bavaka ny fanapahan-kevitra)**